FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY MAHAJANGA MADAGASIKARA

JANOARY 2022

FISY FAMPAHAFANTARANA

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Mahajanga ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo[1] ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivon-toerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.[2] Tany Mahajanga, toeram-pitsaboana efatra no voakasiky ny fanadihadiana; 216 ireo namaly: 58% tovovavy ary 42% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

Ny amin'ny fahafahana misitraka

- 90%-n'ireo mpamaly no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- 99%-n'ireo tanora no nanamafy fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- 98% amin'izy ireo nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro.
- 33% tamin'ireo tanora nohadihadiana no nanambara fa andovam-bola amin'ny sarany $1 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana. Tamin'ireo tobim-pahasalamana voakasiky ny fanadihadiana, ny CSBII Amborovy ihany no andoavana $2.

Kalitaon'ny fikarakarana

- 92%-n'ireo namaly no nilaza fa nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala.
- Ny ankamaroan'ireo tanora (90%) dia nanaiky fa nisy ny tsiambaratelo tamin'ireo tobim-pahasalamana.
- Marobe tamin'ireo tanora nohadihadiana (88%) no nanamafy fa voahaja. Miodidina ny 76% izany tany amin'ny CSBII scolaire Mahabibo raha 100% ny an'ny CSBII Amborovy.
- 85%-n'ireo tanora no nanaiky fa ampy tsara ny ny fotoana atokan'ireo mpiasan'ny fahasalamana ho an'ireo tanora, ny valinteny dia miodidina ny 97% tany amin'ny CSBII Antanimasaja sy 55% tany amin'ny CSBII Mahavoky.
- 84%-n'ireo tanora nohadihadiana no nanamafy fa voazaha manokana ary koa nahazo soa aman-tsara ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny.
- 67%-n'ireo namaly no nilaza fa nahazo ireo tolotra tsy nila ny fanatrehanan'ireo Ray aman-dReny.

Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- Latsaky ny roa ampahatelon'ireo tanora nandray anjara tanaty fanadihadiana (61%) dia nangataka ireo tolotra fanabeazana aizana, ka 97% tamin'izy ireo no nahazo izany. Mahavelom-bolo io taha io satria isany singa fototra anaty ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo ny fisitrahana ireo tolotra momba ny fanabeazana aizana.
- 59%-n'ireo tovovavy tany Mahajanga no nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka 98% tamin'izy ireo dia nahazo izany avokoa. Telo isan-jaton'ireo tovovavy ireo no bevohoka nandritra ny fotoana nanatanterahana ny fanadihadiana.
- 19%-n'ireo tovovavy no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary 93% no nahazo izany soa aman-tsara.
- Amin'ireo tovolahy 36%, nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofo fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, 96%-n'ireo nangataka no nahazo fotoana hanatanterahana izany.
- Latsaky ny atsasamanila-n'ireo tanora no nangataka hanao fitiliana VIH (43%). Ny taha ambany indrindra amin'ny fangatahana hanao fitiliana dia tany amin'ny CSBII Antanimasaja (9%) sy CSBII Scolaire Mahabibo (21%). Na izany aza anefa, saika afaka nahazo fitiliana VIH avokoa ireo rehetra nitaky izany (99%).
- 37% tamin'ireo nohadihadiana no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo, ka 95%-n'ireo nangataka izany dia nahazo avokoa.
- 30%-n'ireo tanora namaly no nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ary ny 62%-n'izy ireo no nahazo izany. Amin'ny ankapobeany hita eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- Mahery ny roa ampahatelon'ireo tanora nohadihadiana (68%) no nanaiky fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Maneho fa efa misy ny ezaka satria mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

[1] Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.
[2] Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamitarana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY *Tsidiho ny:*
https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/

Tsipirian'ny fifandraisana: *Gender Links Madagasikara*
Adiresy: *Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo*
Tel: *+261328732519*

AMPLIFYCHANGE
Hivos people unlimited
GENDER LINKS HO FAMPANJAKANA NY FITOVIANA SY NY FAHAMARINANA

TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY MAHAJANGA MADAGASIKARA

Tondro	Mahajanga - Boeny	CSB II Amborovy	CSB II Antanimasaja	CSB II Mahavoky	CSB II Scolaire Mahabibo
Totaly	216	42	78	41	55
%Vehivavy	58%	69%	48%	59%	55%
%Lehilahy	42%	31%	52%	41%	45%
Mahakasika ny tobim-pahasalamana					
Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? %	90%	88%	97%	93%	91%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? %	99%	98%	100%	100%	96%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? %	98%	100%	97%	90%	100%
Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? %	86%	88%	94%	78%	82%
Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? %	33%	17%	35%	15%	43%
Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara)	$1	$2	$1	$1	$1
Kalitaon'ny fikarakarana					
Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? %	92%	95%	90%	90%	89%
Tanora voahaja nandritry ny fizahana %	88%	100%	90%	83%	76%
Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny %	67%	68%	63%	66%	80%
Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana %	84%	80%	77%	92%	85%
Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo %	90%	93%	81%	90%	93%
Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora %	85%	95%	97%	55%	80%
Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany %	84%	88%	65%	87%	83%
Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)					
Fahasalaman'ny Reny					
%Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana	61%	74%	43%	47%	64%
%Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana	97%	93%	100%	94%	100%
% Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka	59%	77%	43%	43%	60%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany	98%	100%	100%	100%	93%
%Tovovavy bevohoka	3%	4%	0%	0%	3%
Fahasalamana mandritra ny fadimbolana					
%Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana	19%	19%	0%	0%	27%
%ireo nangataka salaka ka nahazo	93%	67%			100%
VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo					
%Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra	36%	83%	8%	50%	22%
%Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra	96%	100%	100%	88%	100%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH	43%	75%	9%	65%	21%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo	99%	100%	100%	95%	100%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo	37%	59%	0%	27%	32%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo	95%	100%		89%	93%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra)	30%	63%	13%	6%	19%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany	62%	90%	100%	100%	40%
%-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana	68%	92%	75%	53%	57%